TATITRA

FAMPIOFANANA NY VEHIVAVY VOAFIDY
BEN'NY TANANA NA MPANOLO-TSAINA NY KAOMININA

DINGANA FAHA 7-8

Firenena: Madagasikara

Kaominina: Tsimananada

Distrika : Fort-Dauphin

Toerana: Chambre de Commerce
Daty : 30 Novambra-02 Desambra 2015

Sarin'ny mpiofana, ny andro faharoa

FIZAHAN-TAKILA

Fanolorana ……..03

Tantara……..03

Fizotry ny Atrikasa ……..04

Fahatrarana ny tanjona……..12

Ireo fanamby ……..12

TOVANA

A – Fandaharam-potoana ……13

B – Lisitry ny mpandray anjara……15

D- Tombana……17

FANOLORANA

Ity tatitra ity dia entina hamintinana ireo hevi-dehibe nisongadina nandritra ny atrikasa izay notontosaina tao amin'ny kaominina ambonivohitr'i Manambaro izay nahitana ireo olom-boafidy vehivavy Ben'ny tanàna sy mpanolo-tsaina avy aminy Faritra Anosy. Ny tanjona nandritra ny atrikasa dia ny fampahafantarana bebe kokoa ny fampifandraisana ny Miralenta amin'ny fampandrosoana maharitra, ny andraikitra sahanin'ny Ben'ny tanàna sy mpanolo-tsaina ny Kaominina, ny fanatsaran'izy ireo ny tetik'asam-piaraha-monina izay mirakitra ny filàn'ny mponina rehetra ao anatin'ny faritra iadidiany sady fomba mahomby mba hisian'ny fampandrosoana maharitra ny kaominina, iarahana amin'ny vahoaka; fa indrindra ny serasera amin'ny internet, fanokafana adiresy mailaka (NTIC). Nandray anjara tamin'ny cyber-dialogue koa ireo mpizaika.

Maro ireo Lohahevitra nodinihina nandritra ny 3 andro:

-Fampahatsiahivina ny miralenta sy ny fiheverana raiki-tapisaka

-Fifampizarana ny zavatra niainana nandritra ny fifidianana, ny fomba nandresena lahatra ny mpifidy ary ny fanovàna entin'ny mpizaika ho an'ny kaominina.

-Ny fanatsarana ny tetikasam-piarahamonina

-Ny fitsinjaram-pahefana sy ny fanapariham-pitondrana

-Ny ratsa-mangaika eo anivon'ny kaominina birao mpanatanteraka sy filan-kevitra

-Ny fomba entina manatanteraka ny fivoriana

-Ny fandravonana disadisa

-Ny tamberin'andraikitra sy ady amin'ny kolikoly

Misy efa nahazo fiofanana nataon'ny Gender Links ireo mpizaika, ary misy koa vaovao amin'ny fiofanana. Marihina nefa fa liana tokoa ireo mpizaika ary samy nandray anjara mavitrika tamin'ireo lohahevitra nodinihina. Miisa 32 ireo vehivavy voafidy ben'ny tanàna sy mpanolon-taina tonga namaly ny antso, porofon'izany ny fanamariham-pahatongavana ao amin'ny Tovana B.

TANTARA

Tamin'ny taona 2003 no nanaovan'ny GENDER LINKS fanadihadiana feno momba ny fiantraikan'ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny politika tao amin'ny FAA (Fifanarahan'ny Faritra Atsomon'i Afrika). Anisan'ny zava-dehibe tsapa tao amin'ny "Ringing up the Changes, Gender in Politics in Southern Africa" na "Famohazana amin'ny torimaso ka hirosoana amin'ny fanovana sy amin'ny Miralenta eo amin'ny sehatra politika ao amin'ny faritra FAA" fa ny fitondrana ifotony dia sehatra iray izay mampalahelo fa nohamaivanina tao amin'ireo lahateny aman-tsoratra mikasika ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony. Vokatr'izany, nanao fikarohana mamaky lay ny GENDER LINKS tamin'ny taona 2006/2007 tao amin'ny Coalface: Gender and local government, (sur le terrain: Genre et collectivité locale na eny an-tsehatra: Miralenta sy Fitondrana ifotony) tany Afrika, Lesotho, Maurice ary Namibie.Hita tamin'io fanadihadiana io fa vitsy ny fampiharana natao mba hametrahana ny foto-kevitry ny Miralenta amin'ny drafitra fampandrosoana rehetra eo anivon'ny fitondrana. Vitsy koa ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpanolo-tsain'ny Kaominina hahay hitarika asa. Nanombika tamin'izay dia nitarina tamin'ny firenena sivy hafa ny fanadihadiana. Eo amin'ny fomba fiasa indray: raha vao vita ny tatitra an-tsoratra momba ny fikarohana natao dia nanao fampiofanana momba ny fampahafantarana sy ny paika any amin'ireo firenena tsirairay avy ireo miaraka amin'ireo mpiombona antoka sy ny mpiara-miasa fototra ny GNDER LINKS. Ny tsara indrindra aza dia miaraka amin'ireo fikambanana miankina amin'y Fanjakana ifotony ao amin'io firenena io no hanoritana ny lalana hanatanterahana ny paika sy hanaovana ny atrikasa momba ny drafitrasan'ny Herisetra sy ny Miralenta ao amin'ny faritany, faritra ary distrika. Izany dia natao mba hanamarinana fa manana drafitrasa momba ny Miralenta daholo ny Kaominina

rehetra. Tamin'ny volana Marsa 2010 dia nanao ny Fivoriana an-tampony voalohany momba ny fampanjakana ny rariny eo amin'ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony ary ny fanambiny ny GENDER LINKS mba hanangonana ny porofon'ireo fanapahan-kevitra arahina asa noraisin'ny fitondram-panjakana sy ny olon-tsotra hampitoboana ny fahefana ananan'ny vehivavy sy hampitsaharana ny Herisetra.

FIZOTRY NY ATRIKASA

Nanomboka tamin'ny fifankahalalana ny mpizaika ny atrik'Asa ny Vehivavy Ben'ny Tanàna sy ireo Mpanolotsainan'ny tanàna ato amin'ny Faritra Anosy sy Androy. Nambara azy ireo ny tanjona sy ny vokatra andrasana amin'ilay tetik'asa. Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy ny atrik'asa, ary izany dia natrehin'ireo olo-manan-kaja maro notarihin'ny Lehibe Faritra Anosy Andriamatoa Dr Luc Leolah Bêchard. Nantitraterin'Andriamatoa Lehiben'ny Faritra Anosy ny mahazava-dehibe ny fikirakirana ny Informatika sy ny Internet ka nanomezany fisaorana manokana an'i «**Gender Links**» izay nanome ny fiofanana hoan'ireo Vehivavy Ben'ny Tanàna sy ireo Mpanolotsainan'ny Tanàna mahakasika an'io Informatika sy ny Internet io. Rehefa vita ny fanokafana tamin'ny fomba ofisialy dia nirona namonjy « **Cyber** » izay tamin'ny 09 ora ka nianatra ny Informatika indrindra fa ny Internet, ka samy nanokatra Adiresy "**e-mail**" ny tsirairay ary narahina ohatra ka samy nifanoratra izy ireo. Vita ny tapak'andro maraina dia niditra aminy Sakafo atoandro. Tamin'ny 02 ora Tolakandro no nanomboka nanao asa tarika nanatsara ny tetik'asam-piarahamonina amin'ireo Tanàna niaviany avy ny mpizaika.
Nozaraina tarika dimy (5) izy ireo, ka ny Ben'ny Tanàna no nitarika ny vaomiera niarahany tamin'ireo Mpanolotsaina. Nifarana tamin'ny 04 ora hariva ny andro voalohany.

Ny andro faharoa dia ny fameranana ireo lohahevitra sy ireo asa natao tamin'ny Andro voalohany. Rehefa avy eo dia fanehoana ny vokatry ny asa tarika 5, momba ny tetikasam-piarahamonina. Toy izao manaraka izao ny fanatsarana ny **«Projet de Société**» isaky ny Kaominina.

Tarika 1 : kaominina Andrenivohitra **Amboasary Sud**

Fanamboarana tsena

Olana	**vahaolana**
Ratsy sady mikorontana	Mitady mpiara-miombon'antoka toy ny O.N.G

Làlana

Kahoin'ny riaka ny tany (lavaka, fotaka)	Fanamboarana Pavé (O.N.G)

Fandriampahalemana

Tsy ampy ny Mpitandro filaminana	Fampitomboina ny Mpitandro filaminana (Polisy, Gendarme, ary ny Miaramila)

Tobim-pahasalamana

Tsy ampy ny toerana, ny mpiasa, ary ny fitaovana	Ilaina ampiana ireo rehetra ireo

Fampianarana

Tsy ampy ny sekoly sy ny mpampianatra	Fangatahana any amin'ny Fanjakana Foibe

Fambolena

Tsy ampy ny rano manondraka ny tany	Fanamboarana "Barrage"

Fiompiana

Tsy ampy ny Traikefa ananan'ny Mpiompy	Mila Fiofanana ireo Mpiompy

Tarika 2 : Commune Rurale **Analamarina** District de Betroka

***Tanjona*: "**Tanàna Milamina, Tanàna Madio, Tanàna Mandroso"

Fandriampahalemana

OLANA	VAHAOLANA
Tsy Fandiampahalemana	Fanentanana R.R
Tsy afaka Mamokatra	Mamorona asa hoan'I Tanora
Tsy afaka mianatra ny Mpianatra	Fanaovana Fanatanjaha-tena
Mifindra monina ny Vahoaka sy misara-bazana	Atao mangarahara ny Fitondrana, Fananganana Vaomiera (Carnet Pasport, C.I.N°)

Fahasalamana sy fahadiovana

Aretina	Fanaovana lava-piringa
Tsy ampy ny Hopitaly, Fanafody, Fitaovana	Fanaovana Vaksiny, Fanomezana Paompy, Fanadiovana Tànana, ary Fananganana Vaomiera

Famokarana sy fampandrosoana

OLANA	VAHAOLANA
Tsy ampy ny fitaovana	Mitady famatsiam-boly
Tsy fananana traikefa	Mitady Mpampiofana
Tsy ampy ny Masomboly	Mizara Masomboly avy amin'ny Mpamatsy
Tsy ampy ny ranon'orana	Tsy mandoro tanety , tsy mikapa hazo
Ratsy ny Lalana	Fanatsarana ny Lalana, fananganana trano fanangona-mbokatra ary fampidirana ny zaza an-tsekoly
Tsy ampy ny fanatsarana ny asa tànana	Fananganana Kaoperativa hanatsarana ny asa tànana (Zaitra, rary, rafitra)

N.B: Fampandraisana anjara ny Vehivavy amin'ny lafiny rehetra.

Tarika 3 : Commune Rurale **Enagniliha** District de Fort-Dauphin

Tetik'Asa	Olana	Vahaolana	Tanjona	Fe-potoana
Sekoly	Ara-bola, Fitaovana, tsy ampy ny foto-drafitr'asa	Mitady lalam-bola amin'ny Projet Anamboarana sekoly, Toerana	Manana Sekoly, Manam-bola hialana amin'ny habadoana	**A**vril 2016
Hopitaly	Tsy misy Trano, Mpisabo, Fanafody ary Fitaovana	Manao fangatahana amin'ny Minister	Vahoaka salama	2016

		any Fahasalamana		
Rano Fidiovana	Tsy fananana Rano Madio	Fanaovana Paompy sy Forazy	Fananana Rano fisotro Madio	Janvier 2016
Jiro	Tsy mandeha ny asa Fampandrosoana	Fampidirana Panneu Solaire	Fandehanany Asa fampandrosoana rehetra oh: Telphone, Ordinateur	2016
Fandriapahalemana	Tebiteby lava, mahantra ny Vahoaka, tsy afaka mamokatra	Dina-pokonolona, Andrimaso-pokonolona, Fangatahana Poste Avancé	Handry Fahalemana, Hamokatra ny Vahoaka, Mandroso ny Tànana	2016
Habadoana	Habadoana, Tsindri-hazolena, Herisetra eo amin'ny Fanambadiana sy ny Asa	Fanentanana amin'ny Miralenta, Fandraisan'ny Vehivavy rehetra amin'ny sehatra rehetra	Misitraka ny Zony ny Vehivavy miasa ao an-tokatrano	2016
Lalana	Tsy misy ny fandrosoana, tsy mivoaka ny vokatra	Asa tana- maro, fangatahana amin'ny Minister any Travaux Public	Mivoatra ny Tànana, Fifandraisana amin'ny, Commune Rahavavy sy ny Manodidina	2016
Tsena	Tsy fananana toerana, Loto, Hetra	Fanitarana ny Tsena sy ny tànana ary ny Fanadiovana, Fanatsarana ny fidiram-bola amin'ny alalan'ny hetra	Fampandrosoan a ny Commune, fanatsarana ny faripiainan'ny Mpiasa ny Commune	2016
W.C	Fangerena ankalamanjana, fiparitahan'ny Mikroba	Fanentanana ny olona hanamboatra W.C isan-tokatrano	Fanagadrana ny Maloto mba tsy hiparitaka, hahazoana fahasalamana	2016

Tarika 4 : Commune Rurale **AMPASIMENA** Distrct Fort- Dauphin.

TANJONA	**OLANA**	**VAHAOLANA**	**VOKATRA**
Tànana Madio	Fako miparitaka, Tay miely etsy sy eroa,	Fanamboarana lava-pako sy lava-piringa ho an'ny isan-toka-trano, fanaaovana	Fahasalamana, Tonotolo iainana madio,

	Rano maloto	Vovo ahazoana rano fisotro madio	fahazoana rano fisotro madio
Mandry fahalemana	Vaky Trano, Halatr'Omby, Ady, Fandrobana	Dina ifampifehezana eo amin'ny Tanana, Fiaraha-miasa amin'ny Mpitandro filaminana sy ny Ben'ny Tànana	Tànana milamina, Vahoaka afaka miasa
Manana foto-drafitr'asa ampy	Tsy manana foto-drafit'asa	Mitady mpiara-miombon'antoka eto an-toerana na any ivelany	Mahazo as any tsy an'asa(HIMO)
E.K.A	Maro ny zaza tsy manana ny Kopia	Fanamboarana Kopia ho an'ny zaza	Manana Kopia sy Kara-panondro

Tarika 5 : Commune Rurale **ENAKARA AMBONY** District de Fort-Dauphin

Fampianarana

OLANA	VAHAOLANA
Tsy ampy ny trano Sekoly	Fitadiavana Mpiara-miombon'Antoka

Fahasalamana

Tsy fampian'ny Fitaovana, sy ny Efitra fandraisana Marary, ary ny Mpiasa	Fangatahana any Fanjakana Foibe

Jiro sy ny rano ary ny fahadiovana

Tsy misy ny Fandrosoana, manjaka ny tsy fandriapahalemana	Fampidirana ny Angovo azo avaozina toy ny paneau solaire
Miparitaka ny Aretina, Mangery eny akalamanjana	Fanaovana Paompy, sy W.C arahina fanentanana

Fandriampahalemana

Tsy afaka mamokatra ny Tantsaha, Fifindra-monina, tsy mianatra ny Mpianatra	Famatrahana ny Tobin'ny Zandarimaria, Fametrahana ny dina ary ny Andrimaso-pokonolona

Rehefa vita ny fanehoana ny tetikasam-piarahamonin' ny kaominina tsirairay dia niditra amin'ny fampahatsiahivana ireto loha-hevitra manaraka ireto :

Lohahevitra I «Genre et Sexe» : ireto avy no tanjona tokony ho fantany mpamonjy Atrik'Asa

- Manavaka ny atao hoe : GENRE sy SEXE
- Hamaritra sy hahafantatra ny hevitra raiki-tapisaka
- Hahafantatra ireo hevitra novolavolain'ny fiaraha-monina ka nahatonga ny fanilihana ny Vehivavy.

Natao tamin'ny alalan'ny Fanontaniana arahi-mbaliny ka samy naneho ny heviny ny rehetra.

Lohahevitra II «Genre et gouvernance» mizara telo lehibe ny lohahevitra : accès, participation et changement.

1 ***FIDIRANA*** : inona no zavatra niainan'ireo vehivavy voafidy ho maire, nandritra ny fotoam-pifidianana ?

Nanao Témoignages ireo Ben'ny Tanàna, nanambara ny fiomanana tsy maintsy nataon'izireo ka nahavoafidy azy ireo ho Ben'ny Tanàna (Maire) eo amin'ny kaominina misy azy :

a) Maire Enagniliha : Mme Dérvaelle

Efa niomana tsara ary naharesy lahatra ny Vahoaka, tamin'ny fandraisana anjara mavitrika eo amin'ny hetsika fampandrosoana ny kaominina ;

b) Maire Ampasimena : Mme Soarline

Efa nilatsaka ho Ben'ny Tànana tamin'ny 2007 fa tsy nahomby dia nanana tanjona ho lany ka dia lany tsara tamin'ny ity

c) Maire Amboasary Sud : Mme Reboza Solange

Efa Animatrice hatramin'izay ary Présidnte ny Vehivavy 8 Mars nandritra ny 9 Taona ka dia natoky tena tamin'ny fahalaniana. Mitarika ary manentana ireo vehivavy namana amin'ny hetsika ataon'ny fikambanam-behivavy.

d) C.R Enakara Haut Mme Finily

Miditra amin'ny 3ème Mandat amin'izao. Manao asa sosialy, ka mitondra vahaolana amin'ny filàna vonjy aina ilain'ny mpiara-monina andavanandro ;

- Nijoro ho vavolombelona koa ny Mpanolotsaina iray, izay nilatsaka fa tsy lany Ben'ny Tanàna : maro ny faminganana nataon'ny candidat lehilahy naira-nilatsa-kofidina taminy ary satria vehivavy ny tenany, dia natao izay hanamavoana ny vehivavy eo amin'ny fitondrana, tsy araky ny fomba amam-panao izany.

2 ***FANDRAISANA ANJARA*** : inona no mba vina na nofinofin'izireo ho an'ny kaominina misy azy ?

-Amboasary Sud : Autonomisations de la Femme (A.G.R)

-Enakara Ambony: Miaraka ny Vehivavy sy ny Lehilahy hampandroso ny Commune -

Ranopiso: Manakaiky ny Vahoaka hatrany, hanangana Associations isan'ny Fokotany. - Kaominina milamina, mandroso, mivoatra ary lavitry ny herisetra

3 ***FANOVANA*** **:** inona ny fanovana entin'ny vehivavy tafiditra ka mandray anjara amin'ny fanapahan-kevitra ?

-Ho tsara tantana ny kaominina
-hanana centre d'information et de formation ho an'ny vehivavy
-ho tanteraka ireo vina, ny asa fampandrosoana ny kaominina
-teny ny Filamatra hoe Miova toe-tsaina rehefa voafidy dia ny Développement fa tsy ilay antoko no mibaiko.

Lohahevitra III : Communication sy ny mahazava-dehibe ny fifampiresahana**.**
Nohazavaina tamin'izany ny zavatra telo lehibe tsy maintsy fantarina ary voafehy tsara :
-mpampita hafatra
-hafatra
-impitan'ny hafatra
Narahana lalao tavoangy (Jeux de bouteille)

Lohahevitra IV : Organisation d'une réunion. Tamin'ny fanontaniana arahi-mbaliny, fiomanana mialoha, mandritra ary aorian'ny fivoriana.

Ny tolakandro, nisy ny fanazavana fohifohy mikasika ny 16n days. Satria 01 Décembre, Andro iraisam-pirenena ho an'ny VIH/SIDA, io andro io, dia nandray anjara tamin'ny **"Cyber Dialogue"** ireo mpizaika. Tena nahaliana ny rehetra izany satria tafiditra tao amin'ny site Gender Links, ka afaka nifandray tamin'ireo olona avy tao amin'ny Faritra Diana, Faritra Atsinanana ary Faritra Analamanga. Fanontaniana telo no nentina notarihana ny adihevitra teo amin'ny "Cyber Dialogue" :

Fanontaniana 1 :
Inona no tokony hatao mba hampihenàna ny fihanaky ny tsimok'aretina VIH/SIDA ?

Valiny :
- Mila manao fanentanana mba hisian'ny ady amin'ny tsimok'aretina VIH/SIDA
- Entanina ny vahoaka rehetra mba hahay hiaro tena
- na lahy na vavy dia samy mila fanentanana
- Ilaina ny fanaovana ny fitiliana
- Ampianarina hitondra tena tsara ny tanora, ny vahoaka.
- Manorina fialam-boly hitaizana ny tanora
- Mampiroborobo ny fanatanjahan-tena

Fanontaniana 2 :
Ahoana ny fomba ahazoan'ny vehivavy mampiasa fimailo azo antoka ?

Valiny :
- Manatona dokotera
- Tsy aiko izany
- Mila manatona ny dokotera
- Tsy mampiasa izany aho
- Tsy mijangajanga

- Mila manana fitondran-tena tsara.

Fanontaniana 3 :

Inona no anjara andraikitry ny ben'ny tanàna sy ireo mpanolon-tsaina manoloana izany ?

Valiny

- miara-miasa amin'ny tobim-pahasalamana
- Manao fanentanana amin'ny vahoaka
- Mitaiza ireo tanora amin'ny fitondran-tena tsara
- Manome fialam-boly : filalaovana baolina ho an'ireo tanora
- Miara-miasa amin'ireo ONG miady amin'izany
- Manome sehatra ifampiresahana ho an'ny tanora na ho an'ny olon-dehibe.
- Entanina ny vehivavy mba hitondra ny fanentanana izaky ny tokantranony.

Ny andro fahatelo dia natomboka tamin'ny famintinana ny andro faharoa, ka samy mandray anjara fitenenana ny mpizaika, nilaza zay zavatra tadidiny tamin'ny lohahevitra rehetra nodinihina. Manaraka izany dia nitohy ny fandinihana lohahevitra maromaro :

Lohahevitra V Fitsinjaraham-pahafahefana sy fanapariaham-pitondrana ka natao tamin'ny alalan'ny Power Point narahina fanontaniana sy Valiny.

Ny fitsinjaram-pahefana dia famindrana ireo fahefana manapa-kevitra ananan'ny fanjakana foibe amin'ny vondrom-paritra itsinjaram-pahefana sy pôlitika hahafahana mampanjaka ny demôkrasia mba hahafahan'ny olom-pirenena eny ifotony mandray fanapahan-kevitra entina hintantanana sy hampandrosoana ny faritra misy azy.
Ny vondrom-paritra itsinjaram-pahefana dia omen'ny fanjakana foibe fizankan-tena ara - pintantanana sy ara-bola ka anisan'izany ny Kaominina.

Ny fanapariham-pitondrana dia olom-panjakana, iraky ny fanjakana hanatanteraka ny asany sy ny baikony eny ifotony.
Ohatra : -Ny mpiasan'ny CSB II -Ny mpampianatra mpiasam-panjakana (EPP, CEG, Lycée, Université – fanjakana)

Lohahevitra VII Ny rantsa-mangaika eo anivon'ny kaominina: **Birao mpanatanteraka sy ny Filan-kevitra**. Navoitra tamin'izany fa ny Maire sy ny Conseiller dia Vary sy Rano, ary kitro hifaharany fampandrosoana ny commune misy azy.

<u>Andraikitra ny Ben'ny Tanana</u>: Izy filohan'ny birao mpanatanteraka

- Manatanteraka ny filan'ny mponina
- Miantoka ny fampandehanan-draharaha sy fampandrosoana ny kaominina
- Anjara raharaha voafaritry ny fanatanterahana ny fanapahan-kevitry ny Filankevitra
- Anjara raharaha amin'ny famindram-pahefana omen'ny Filankevitra
- Anjara raharaha voafaritry ny fahefana manokana natolotra ny Ben'ny Tanàna.
- Anjara raharaha eo ambany fanaraha-mason'ny Filankevitra sy fanaraha-maso ny fitondran-draharaha ataon'ny solotenam-panjakana manana andraikitra eo amin'ny fari-piadidiany.

- Tompon'andraikitry ny filazam-piankohonana.
- Lehiben'ny fitantanan-draharahan'ny Kaominina
- Tompon'andraikitra eo amin'ny toe-karena sy vola
- Miantoka ny fiaraha-miasa amin'ny solontenam-mpanjakana sy ny sampandraharam-panjakana
- Tompon'andraikitra amin'ny fanajariana ny velaran-tany, fanajariana sy fintantanana ny velaran-tany, ny voaria sy ny asa fanadiovana
- Miantoka ny fiarovana ny tontolo iainana sy ady amin'ny doro tanety.
- Miantoka ny fiaraha-miasa amin'ny solontenam-mpanjakana sy ny sampandraharam-panjakana
- Tompon'andraikitra amin'ny fanajariana ny velaran-tany, fanajariana sy fintantanana ny velaran-tany, ny voaria sy ny asa fanadiovana
- Miantoka ny fiarovana ny tontolo iainana sy ady amin'ny doro tanety.
- Manomana ireo tetikasan'ny fampandrosoana
- Mandrindra ireo asa mahasahana ny fampandosoana
- Misolo tena ny kaominina amin'ny fifampiraharana amin'ny mpiara-miombon'antoka
- Tompon'andraikitra voalohany amin'ny fahatomombanan-draharaha eo amin'ny kaominina

Andraikitra ny mpanolon-tsaina:

- Mivory indroa isan-taona ny mpanolontsaina :

Fotoam-pivoriana voalohany ao anatin'ny telo volana voalohan'ny taona:

- Fandinihana ny kaontim-pintantanana ny taom-piasana teo aloha sy ny teti-bola fanampiny
- Fandaminina ny prôgraman'asa
- Tatitry ny fampandehan-draharahan'ny kaominina
- Tatitry ny fanantaterahana ny fanampahan-kevitra nankatoavina.

Fotoam-pivoriana faharoa: manomboka ny volana Aogositra:

- Handinihana ny teti-bolam-panombohana amin'ny taona manaraka.
- Hafaka mivory tsy ara-potoana kosa ny mpanolontsaina raha misy ny lilana azy ireo izay tsy mihoatra ny 3 andro.
- Manao fandaniana amin'ny tetibola rehetra ireo
- Manapaka ireo saran'ny fampidiram- bola rehetra ato amin'ny kaominina
- Mandamina raha misy fanolanana
- Manaramaso ny tetikasa rehetra mandeha amin'ny Kaominina
- Manoro hevitra ny Ben'ny Tanana
- Mangataka fanazavana amin'ny Ben'ny Tanana raha misy tsy mazava

Lohahevitra VIII Ny herisetra mianjady amin'ny miralenta (VBG)

Fampatsiahivana ny atao hoe VBG tamin'ny fanontaniana aram-baliny napetraka tamin'ireo mpizaika. Ny mpandray anjara dia tokony ahafantatra ny ny atao hoe Herisetra mianjady amin'ny miralenta ary mahafehy ny ady atao amin'io Herisetra io. Nivoaka tamin'ny brainstorming natao ireo karazana herisetra efatra mianjady amin'ny miralenta, herisetra ara-batana, herisetra ara-tsaina, herisetra ara-ekonomika ary herisetra ara-pitaova-pananahana.

Nisy koa ny fampahafantarana ny fomba fitantanana disadisa (gestion des conflits)

Ny tolakandro dia nampahafantarana bebe kokoa momba ny tamberin'andraikitra (Transparence et Redevabilité sociale TRS) sy ny kolikoly zay sakana lehibe ho an'ny fampandrosoana nykaominina.

Nifarana tamin’ny 16 ora sy sasany ny atrik’asa.

FAHATRATRANA NY TANJONA

Niampy ny fahalalana azon’ny mpandray anjara momba ny Miralenta sy ny andraikitry ny Ben’ny Tanana sy ny Mpanolontsaina ; Nandray anjara mavitrika ny mpizaika tamin’ny fanatsarana ny tetikasam-piarahamonina. Nomena ireo mpizaika ny tekinika mahomby amin’ny serasera, amin’ny fanaovana fivoriana, fa ny zava-baovao ary tena nahaliana azy ireo dia ny nafahany nikirakira internet, sy nanao cyber dialogue.

TOVANA A : FANDAHARAM-POTOANA

RENFORCEMENT DE CAPACITE DES FEMMES ELUES AU NIVEAU COMMUNAL
REGION ANDROY
30 Novembre –02 Décembre 2015

Heure	Thème	Documents/outils
	JOUR 1	
08:00-08 :30	Accueil des participants	
08:30-09:00	Mots de bienvenu Présentation des participants Présentation du projet	Bloc note et stylo Fiche de présence
09:00 - 11: 30	- Nouvelle technologie (internet)	Cyber
11h30 - 12h30	- Ouverture adresse mail	Cyber
12:30- 14:00		
14:00–16 :00	Actualisation projet de société	Travail de groupe
16 :00-16 :30	Arrivée des autorités : - cérémonie officielle	- Présentation GL - Présentation projet
16 : 30	- pause café de bienvenu	
	JOUR 2	
08 : 00 -08 : 30	Rappel jour 1	
08 : 30 - 09 : 30	Présentation projet de société actualisé /commune	
09:30- 1O : 30	**GENRE ET SEXE** : - Rappel : Genre et sexe (pourquoi une discrimination positive à l'égard des femmes **GENRE ET GOUVERNANCE** - Rappel Accès : partage succincte du vécu de l'élection communale	- Brainstorming -Témoignages des élus
10:30-10:45		
10 :45-11:45	- Participation : leurs motivations - Apport en changement positif : Visions de la Commune	Questions/réponses
11 :45-12 :30	- Communication - Leadership (rappel) - Organisation d'une réunion	Questions/réponses Jeux de bouteille

Heure	Thème	Documents/outils
	JOUR 1	
12:30- 14:00		
14:00-16:00	- Explication 16n days - Cyber dialogue - Annonce et discussion sur le thème VIH/SIDA	-cyber dialogue
	JOUR 3	
08:00-08:30	Rappel jour 2	
08:30-09:30	Rappel : Décentralisation et déconcentration	- Power point - Questions/Réponses
09:30-10:30	Rôles des maires et conseillers	
10:30- 10:45		
10:45–12 :00	- Rappel : Violences basées sur le genre - Gestion de conflit	
12 :00 – 14 :00		
14 :00 – 15 :00	- Transparence et Redevabilité Sociale	
15 :00 – 16 : 00	La corruption, frein au développement	
16 :00 - 16 :30	Administration, Évaluation et clôture	

TOVANA B : FANAMARINAM-PAHATONGAVANA

Ce projet est financé par l'Union Européenne

N°	Nom et prénoms	Sexe	Organisation	Fonction	Participants En Retour	Nouveau participant	Tél	E-mail
1	RAZANAMBOLA Fagune Louisette	F	MAIRE		X		033 11 190 92	Lousette614amin'nyyahoo.com
2	SOA Arline	F	MAIRE		X		032 72 276 19	soa.arlineamin'nyyahoo.fr
3	RAHARISOA ROMAINE	F	CONSEILLERE		X		033 07 164 54	rahari.romaineamin'nyyahoo.fr
4	RAHERINIRINA MARIE BRIGITTE	F	CONSEILLERE		X		034 79 51465	raherinirinabrigitteamin'nyyahoo.fr
5	RAZAFINDRAVELO BERTTE	F	PRESIDENTE DE CONSEILLERE		X		033 23 017 90	razafindravelobertheamin'nyyahoo.fr
6	MIZAVELO ARLINE	F	CONSEILLERE		X		034 97 918 04	Mizaveloarilineamin'nygmail.com
7	RATSIMBAZAFY JULIE DERVAELE	F	MAIRE		X		034 45 635 83	rlaladervaelamin'nyyahoo.fr

8	RAZAFINDRANORO PAQUERETTE	F	CONSEILLERE		X		032 77 046 13	prazafindranoroamin'nygmail.com
9	FINILY	F	MAIRE		X		032 44 753 15	ffimilyamin'nyyahoo.fr
10	TSIMAHORY PHILOMENE	F	CONSEILLERE		X		032 80 821 55	ptsimahoryamin'nyyahoo.fr
11	ZAFINDRAVAVY MONIQUE	F	CONSEILLERE		X		033 21 825 18 034 97 917 74	zafindravavyamin'nygmail.com
12	ANABAO FLORENCE	F	CONSEILLERE		X		033 73 137 05 034 67 210 36	florence.anabaoamin'nyyahoo.fr
13	RASOANJANAHARY BLANDINE	F	CONSEILLERE		X		033 63 069 29	
14	RAZAFINDRANAIVO SOLOANSOA	F	MAIRE		X		033 214 541 82	soloarisoaamin'nygmail.com

15	MARCELLINE	F	MAIRE		X		033 08 964 01	Marceline545amin'nygmail.com
16	SAHONDRA LEOPOLIDINE ALBATINE RUFFINE	F	CONSEILLERE		X		033 08 156 72	saialbertineamin'nygmail.com
17	RAVAONORO MARIE GEORGETTE	F	CONSEILLERE		X		033 41 306 70	georgetteamin'nygmail.com
18	RAMIANDRISOA NOELINE	F	CONSEILLERE		X		033 06 922 95	soanoelineamin'nygmail.com

19	RAVAOARISOA FLORINE	F	CONSEILLERE		X		033 61 045 63	rasoandrainymariejustineamin'nygmail.com
20	RASOANDRAINY MARIE JUSTINE	F	CONSEILLERE		X		033 06 910 01	rasoandrainymariejustineamin'nygmail.com
21	EUGENE MICHELINE	F	CONSEILLERE		X		033 06 337 32	emilinda54amin'nygmail.com

22	RAKETAMANGANIRINA LALAO ERNESTINE	F	CONSEILLERE		X		033 09 006 89	lalaoernestine54amin'nygmail.com
23	VOLOMBOSIE	F	CONSEILLERE		X			
24	EUSTACINE	F	CONSEILLERE		X		033 32 061 86	
25	RONDROMALALA MARIE	F	CONSEILLERE		X		034 84 942 33	
26	ATTALAH ARLINE	F	MAIRE		X			
27	ZAFIARISOA Thosainte	F	Conseillère		X			
28	RATSIFIDINA Marie Jeanne	F	Conseillère		X		033 08 438 20	

29	TSIATENGY	F	Conseillère		X			

30	TSIHIRENGY	F	Conseillère		X			
31	HOVA Helène	F	Conseillère		X			
32	RAZAFINDRAFAY Reboza Solange	F	Conseillère		X		034 05 578 03	

TOVANA C: TOMBAN'NY ATRIKASA

Firenena	MALAGASY					
Sexe	FEMININ					
Faritra	ANOSY					
Kaominina	MANAMBARO					
Taona	12 - 17 ☐ 00	18 -30☐ 01	31- 40☐ 01	41– 50 ☐ 11	51– 60 ☐ 15	+ 60 ☐ 04
Fianarana	Ambaratonga voalohany 00	Ambaratonga faharoa 29	Oniversite: 01	Fanofanana ara-kasa 02	Fampianarana olon-dehibe 00	

Tombana	Naoty /10
1. Firafitry ny fandaharana amin'ny ankapobeny	50 %
2. Ny votoatin'ny fandaharana	90 %
3. Tahirin-kevitra nampiasaina	90 %
4. Fampitan'ny tompon'andraikitra ny fiofanana	93 %
5. Asa isam-baomiera (travail de groupe)	80 %
6. Vokatra azo	80 %
7. Fanajana ny fandaharam-potoana	90 %
8. Fahalalana azon'ny mpiofana	90 %
9. Tombontsoa eo amin'ny fivelarana	90 %
10. Fandaminana ankapobeny (sakafo, toerana, sns)	80 %

FANAMARIHANA

1. Inona tamin'ny fandaharana no tena nahafinaritra anao? Antony?

- Fanatsarana ny tetik'asa
- Ny mpitarika
- Ny mpampiofana
- Mikirakira ordinateur
- Fampianarana
- Internet
- Cyberdialogue nahafahako mifanerasera amin'ny olon'ny GL
- Fampahafantarana ny andraikitry ny vehivavy
- Ny fitsijaram-pahefana sy ny fanapariham-pitondrana
- Fahafantarako ny andraikitra miandry ahy satria mora amiko izao ny manao ny asa
- Ny asan'ny ben'ny tanàna sy ny mpanolotsaina
- Ny fahaizana mitarika
- Genre et sexe
- Presentation
- Ouverture compte e-mail
- Ny fomba fitantanana disadisa satria hisavorovoroan-kilantoana
- Ny miralenta satria samy mandray anjara na ny lahy na ny vavy
- Ny fandaharan'ny fiofanana satria maro ny vokatra azo, nitombo ny fahalalana .

2. Inona tamin'ny fandaharana no tsy nilaina loatra? Antony?

- Ilaina daholo satria zavatra tokony hofantarina daholo
- Tsy nilaiko ny conseiller fa efa roa mandà aho izao
- Tena ilaina ary mbola maro ny vehivavy aty aminay tsy mbola mahalala
- Tiako daholo satria maro ny zavatra tsy fantatra teo aloha fa fantako amin'nizao
- Ilaiko satria mampivoatra sy mampandroso
- Ny herisetra satria efa fantatra
- Ny an'ny maire satria zaho tsy maire
- Ny disadisa satria manimba ny saimbahoaka
- Ilaina satria hita amin'ny fiainana andavanandro
- Nilaiko ary tena afa-po sady tena resy lahatra aho
- Ilaina avokoa satria tsara
- Miralenta
- Nilaina avokoa , nilaina daholo
- Nilaina avokoa satria samy mahaleo tena
- Tsy nilaina lay sazy mandihy
- Resaka tsy fandraisan'andraikitriny conseiller nataon'ny mpizaika sasany

3. Ahoana no mety ampiharanao ireo fahalalana noratovinao teto amin'ny fiofanana?

- Mba ho modely any amin'ny kaominina
- Hanentana ireo namako aho
- Entina mampandroso ny kaominina
- Hanatsarana ny Fiaraha-monina
- Amin'ny andron'ny 08 mars
- Fandresen-dahatra sy fanentanana no ampiharako ireo fahalalana noraisiko teto
- Fandraisana andraikitra amin'ny fampandrosoana : miralenta
- Ampihariko amin'ny vahoaka, ho zaraiko amin'ny namako, amin'ny mpiara-belona
- Ampiharina amin'ny ben'ny tanàna sy ireo conseiller namana
- Fifaneraserana amin'ny vahoaka
- Hifampizarana amin'ny mpiara-monina
- Eny amin'nytoeram-piasana
- Mba hanatsarana ny fiaraha-miasa anaty fanetrentena
- Mora ny fampiharana azy satria efa nahazo fiofanana
- Hividy fitaovana (ordinateur) hanatevenana ny fahaiza-manao
- Rehefa mivory ny conseiller, na lahy na ny vavy
- Ampihariko eo amin'ny kaominina iadidiako, ahafantarana ny vaovaon'ny vahoaka ary ampiharina amin'ny asa ataonay
- Amin'ny fomba rehetra momba fitantanana ny asa eo amin'ny mpiara-miasa eo amin'ny kaominina
- Fivoriana satria efa samy mahalala ny andraikiny ny maire sy ny conseiller
- Ampitaiko amin'ny namako vehivavy mbpola tsy mahafantatra ny resaka miralenta
- Amin'ny fivoriana hampianarana ny vehivavy, amin'ny fikambanana
- Eo amin'ny tokantrano, ny fianakaviana izay iadidiana
- Amin'ny alàlan'ny mail zay nianarana
- Amin'ny asa aman-draharaha
- Amin'ny fidtantanana
- Amin'ny fampianarana ireo sefom-pokontany
- Ampiharina amin'izay mety liana azy
- Ampiharina amin'ny fiainako

Fanamarihana hafa?

- Aparitaka ami'ny toeran-kafa koa ny fampianarana

- Atao amin’ny faritany hafa
- Ilaina hofanina matetika ireo mpanolon-tsaina
- Tena tsara ny fiofanana,tokony hotohizana
- Mety tsara ny indemnité
- Tokony hisy fifanakalozana traikefa
- Mangataka tablette, mba hafahana manohy ny internet
- Misaotra an’i GL, ary ataovy amin’ny toeran-kafa koa
- Tokony hisy matetika ny fiofanana
- Mazava ny fampianarana ary mahafapo
- Tokony nizara tahirin-kevitra
- Mitady fiofanana matetika Izahay
- Averina matetika ny fiofanana fa indrindra ny fampiasana ny ordinateur
- Mahafinaritra ny fiofanana, ary tokony hitohy
- Mahafinaritra ny mpampiofana, mazava ny fanazavana
- Mpitondra fivoarana eo amin’ny fiainako